# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Desambra 2018

# 18 **Talata** desambra

**Jesosy ... nanao taminy hoe : Ry Simona, manan-kolazaina aminao Aho... Niditra teto an-tranonao Aho ; nefa tsy mba nanome Ahy rano hanasana ny tongotro ianao ; ... Tsy mba nanoroka Ahy akory ianao.** Lioka 7. 40-45

**Araka izay tsy nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto kely indrindra ireto no tsy mba nataonareo tamiko.** Matio 25. 45

## Ireo olona asaiko

*Vakio Lioka 7. 36-50*

Nanasa an'i Jesosy tany an-tranony i Simona, ilay Fariseo. Saingy nihevitra ny tenany ho zavatra izy, ka noraisiny ho toy ny olona faran'izay tsotra ihany Jesosy. Noheveriny fa tsy ilaina akory ny nanome rano Azy, hanasany ny tongony, araka ny fomba. Tsy nanoroka Azy koa izy, ho fiarahabana Azy tonga soa. Tsy niloa-bava Jesosy, na dia tohina mafy aza noho ny tsy firaharahana Azy, Izy Ilay Zanak'Andriamanitra. Nisakafo tsotra fotsiny Izy. Indro anefa nisy vehivavy iray teo an-tanàna, niditra tao an-tranon'ilay Fariseo. Fantatr'io vehivavy io fa Jesosy no Ilay Mpamonjy ny mpanota, *Ilay Mpamonjy azy*, ka dia tonga izy naneho fanajana sy fankasitrahana Azy. Dia niteny tamin' ilay Fariseo i Jesosy, nampisongadina taminy ny fifanoheran'ny fandraisany mangatsiaka sady feno avonavona sy ny fihetsik'ity vehivavy feno fanetrentena sy fitiavana ary fanajana.

Tsy etỳ an-tany intsony Jesosy, ka tsy afaka manasa Azy hiaramisakafo amintsika isika. Nefa ve Izy mba manana ny toerany, ilay toeram-boninahitra, ilay toerana voalohany ao am-pontsika ? Ary isaky ny misy olona mandroso ao an-tokantranontsika, dia tahaka ny mandray an'i Jesosy isika (Jaona 13. 20). Manao ahoana ny fandraisantsika io olona io ? Manavakavaka arakaraka ny fari-piainana na mari-pitsarana hafa amin'ny maha olona ve isika ? Mafana hatrany ve ny fandraisantsika ireo olona asaintsika ? Sa ve Jesosy tokony hiteny amintsika indraindray, rehefa iny manao veloma iny isika, hoe : „Manan-kolazaina aminao Aho... Niditra teto an-tranonao Aho ; nefa tsy mba nanome Ahy rano ... ianao... Tsy mba nanoroka Ahy akory ianao".

Ry kristiana, aoka isika hitandrina tsara, mba hahita fikarakarana sy tena fitiavana kristiana ireo olona mivahiny ao amintsika, na dia ireo izay tsotra indrindra aza.